**MANKATO NY TOMPO NY MPINO DIA TONGA SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA**

**GENESISY 18.16-33. 19.27-28**

| | |
|---|---|
| **SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA NILAZANY NY TSIAMBARATELONY** (Genesisy 18.16-19)<br><br>Satria efa tonga sakaizan'Andriamanitra i Abrahama dia nilazany fa **horavany** Sodoma tanana feno faharatsiana be. Fampitandremana an'i Abrahama koa mantsy izany, **hitaizany** ny taranany **ho** marina sy **ho** masina. Na iza na iza no tsy mendrika eo anatrehan'Andriamanitra dia **hofaiziny** mafy.<br><br>*Ataon'Andriamanitra ahoana izay tsy mendrika eo anatrehany ?*<br><br>Vavaka : Andriamanitra ô, misaotra Anao fa mampitandrina anay mandrakariva Ianao tsy ho tia fahotana. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>Hira 462.2 | |
| **SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA MAHITA NY FAHAMARINANY** (Genesisy 18.20-22)<br><br>**Tsy** avy hatrany dia **manameloka** anefa Andriamanitra. Handeha hitsidika eny an-toerana aloha Izy ; hanamarina tsara raha tena ratsy tokoa ny mponina ao Sodoma na tsia, alohan'ny handravany azy.<br>**Tsy manaonao foana** Andriamanitra fa miasa amim-pahamarinana. Toy izany koa no ataony amintsika.<br><br>*Inona moa no ataon'Andriamanitra alohan'ny handravany an'i Sodoma ?*<br><br>Vavaka : Misaotra, Tompo ô, noho ny fahamarinanao sy ny fitiavanao. Arovy amin'ny ratsy izahay. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena. | |
| **SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA MIFONA HO AN'NY MELOKA** (Genesisy 18.23-26)<br><br>Raha misy namanao na havanao **nanao** fahadisoana, ka ho voasazy mafy na hokapohina : inona no tokony hataonao ? tsy ny mifona ho azy ve ? toy izany koa no **natao**n'i Abrahama. Nifona tamin'Andriamanitra izy mba tsy horavana i Sodoma, raha mahita olo-marina ao i Abrahama.<br><br>*Ataovy sarin-tanana mivavaka mifona.*<br><br>Vavaka : Jesoa ô, aoka izahay mba hahay mifona ho an'ny namanay, mba hamelanao ny fahadisoany. Amin'ny anaranao. Amena.<br>Hira : 741.2 | |

| | |
|---|---|
| **SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA MITALAHO MAFY**<br>(Genesisy 18. 27-29)<br><br>Tokony hanana faharetana sy fanetren-tena eo anatrehan'Andriamaintra toy izao nataon'i Abrahama izao isika rehefa **mifona** ho an'ny namantsika. Vonona hihaino antsika mandrakariva Andriamanitra.<br><br>*Ataovy ny sarin'i Abrahama mandohalika* ***mitalaho*** *amin'Andriamanitra.*<br><br><br>Vavaka : Andriamanitra ô, ataovy sakaizanao mahay **mitalaho** mafy ho an'ny namanay izahay. Amin'ny anararan'i Jesoa. Amena.<br>Hira : 408.1 | |
| **SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA MATOKY NY FAMINDRAMPONY**<br>(Genesisy 18. 30-33)<br><br>Sahy nanohy ny fangatahany tamin'Andriamanitra i Abrahama **satria** sakaizan'Andriamanitra izy.<br>Isika koa henoin'Andriamanitra toa an'i Abrahama, raha mivavaka Aminy, noho ny fitiavany sy ny famindrampony, **satria** zanany isika.<br><br>*Soraty izay fahadisoan'ny namanao efa nifonanao tamin'Andriamanitra.*<br><br><br>Vavaka : Tompo ô, misaotra noho ny fitiavanao sy ny famindramponao. Amin'ny anaran'i Jesoa. Amena.<br>Hira : 408.5 | |
| **SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA TEO ANOLOAN'NY FAHARAVANA**<br>(Genesisy 19.27-28)<br>Io Sodoma fa nidonaka. Nodorana izy.<br><br>*Nahoana i Sodoma no nodorana ?*<br><br>*Tsy nahita* ***olo-marina*** *angaha Andriamanitra ?*<br><br>Sakaiza mankato an'Andriamanitra i Abrahama ka tsy nanome tsiny an'Andriamanitra akory izy raha noravana i Sodoma. Nitazana fotsiny i Abrahama, sady nangina. Tsy nahita **olo-marina** izy ka noravan'Andriamanitra ny tanana araka ny nifanarahany. Matoa manameloka antsika Andriamanitra dia asa ataony amim-pahamarinana izany, ary mahasoa antsika.<br><br>*Manaova sarina tanàna mirehitra*.<br><br><br>Vavaka :Tompo ô, matoky Anao izahay fa marina Ianao. Mahasoa anay ny fananarana ataonao aminay. Amin'ny anaran'i Jesoa Amena.<br>Hira : 612.2 | |
| Tsianjery : **« ARY ABRAHAMA NINO AN'ANDRIAMANITRA, KA NISAINA HO FAHAMARINANAY IZANY, ARY NATAO HOE SAKAIZAN'ANDRIAMANITRA IZY»** (Jakoba 2.23) | |